FANTATRO

Vahoaka iray manana tombontsoa tokoa isika amin'ny fahatongavana eto izao maraina izao, velona eto an-tany, mba hahita fotoana lehibe hafa iray an'ny Paska. Ny Paska isan'andro dia mitondra tena za—zavatra iray be voninahitra ho antsika, ireo fanantenana vaovao. Ary—ary lehibe toy ny ahoana!

2 Ary vao niditra tao amin'ny efitra tao aoriana tao aho izao maraina izao, dia nisy olona iray nihaona tamiko ka nanao hoe, "Rahalahy Branham, fantatrao ve ilay—ilay zaza kely, na ankizy kely na olona iray, izay nivavahana tany Chautauqua tamin'ny taona lasa, izay tsy maintsy nesorina ny fony, sy ireo fantsona na zavatra naraikitra teo aminy." Hoy izy, "Sitrana ilay zazakely, ary ato amin'ny tranobe izao maraina izao, ny tena izy, dia mipetraka ato izao maraina izao." Noho izany dia mahafinaritra izany, hanana fijoroana vavolombelona kely avy amin'izany angamba isika alohan'ny hidirantsika amin'ilay fotoana hafa mihitsy. Ary vahoaka iray sambatra mihitsy isika.

3 Ankehitriny dia hangataka an-dRahalahy Neville aho raha hanao ny famakiana ny Soratra avy ao amin'ny Matio na Lioka izy, ny anankiray, ny amin'ny fitsanganana, raha tsy mbola namaky azy ianao. Efa namaky ve ianao, rahalahy? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tsia."—Mpand.] Noho izany, raha vonona ho an'ny vavaka isika.

4 Ary ankehitriny ny manaraka an'ity fotoana ity, dia ho ny asam-panasitranana. Rehefa mifarana ity fotoana ity, amin'izay fotoana izay dia handeha ho any amin'ny sakafo marainanareo ianareo. Avy eo, aorian'izany, dia hiverina indray isika amin'ny sivy sy sasany ka hanomboka fotoana hafa iray. Ary avy eo dia ny asam-panasitranana no hanaraka an'izany. Ary avy eo dia ireo fotoan'ny batisa no hanaraka an'izany.

5 Ary fotoana iray tsara tarehy toy ny inona izany ho an'ny batisa! Oh, oadray! Ny fitsanganana! Izany no antony nanaovana batisa antsika, satria dia nitsangana indray Izy.

6 Tsaroako fa talohan'ny nananantsika ny batisterantsika eto, dia nitondra azy ireo tany amin'ilay renirano teto aho taloha, vao maraina, ireo maraina mangatsiaka mamanala, ka nanao batisa ny olona tany teo amin'ilay renirano. Misy zavatra mikasika an'izany hoe, izao fotsiny, fotoana masina iray izany. Paska, fotoana iray malaza izany.

Nijery an-dRahalahy Pat Tyler aho nipetraka teto.

7 Niresaka tamin'ny olona iray mihitsy aho omaly hariva. Fa, tamin'ny fivorianay farany tany Oklahoma, dia niezaka aho

ny, miezaka ankehitriny (ary ho lazaiko izany) ny hanaisotra mandra-piantson'Andriamanitra ahy hanao an'ilay izy, ny asam-panompoako taloha an'ny famantarana, satria heveriko (manomboka) fa ilay izy dia ny—ny asam-panompoana vaovao izay tonga.

8 Indray hariva, tsy misy olona mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany, nandramako teo amin'ny ankizy iray tonga teo amin'ny lampihazo izany, ankizy efa jamba, zazakely iray; ary jamba tanteraka, zazalahy iray teo amin'ny enina ambin'ny folo taona teo. Ary nanao hiaka iray mihitsy teo no ho eo izy hoe, "Rahalahy Branham, afaka mahita aho!" Ary tany, ary i Pat dia . . . Ty- . . . nitsangana teo akaiky, teo anilan'ilay zazalahy, rehefa nisokatra ny masony ho an'ny fotoana voalohany tamin'ny fiainany rehetra. Ary noho izany dia matoky aho fa ianareo eto, miaraka amin'ireo fanantenana, miaraka amin'ny tenako, miandry zavatra aho, hataon'Andriamanitra ho antsika, sy hampakatra antsika eo amin'ny haavo hafa iray noho izay efa nisy antsika.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ho an'ny vavaka.

9 Rainay any An-danitra Mpiahy, raha miangona izahay izao maraina izao, ato amin'ity fiangonana kely eto amorondàlana ity, dia mankasitraka Anao tokoa izahay, ny amin'ny dikan'ity rehetra ity aminay, ary indrindra amin'ity marainan'ny Paska ity. Raha tsy nisy Paska iray, dia tsy ho ao amin'ny toerana izay misy anay androany izahay. Fa, ny Paska no nanisy tombokase an'ireo teny fikasan'Andriamanitra rehetra. Izany no nanamarina azy ireo taminay. Ny zavatra rehetra izay hany Nampanantenainy, dia lasa zava-misy iray izany tamin'ny Paska. Ny anankiray amin'ireo andron'ny fankalazana malaza indrindra izay azonay ananana ao anatin'ny taona! Ary hangataka izahay, Tompo, androany, mba Hampiononanao ny fonay raha mipetraka izahay, miandry, ary eo ambanin'ny fanantenana ny Fanahy Masina, Izay tonga taorian'ny Paska, mba ho tonga ao am-ponay ka hampionona anay, sy hamerina ny finoanay, ao amin'ireo fatra mahery lehibe, mba ahafahanay mandeha amin'ny fiainana izay nandidian'i Jesosy anay handehanana.

10 Hivavaka izahay ho an'ny tsirairay sy ny isam-batan'olona rehetra, ary indrindra ho an'ireo izay voahidy ka tsy afaka manatrika an'ireo fivoriana na aiza na aiza androany. Andriamanitra, mombà azy ireo. Ary enga anie—enga anie ity Paska ity hahita tena Paska iray ho azy ireo, fitsanganana iray avy eo am-pandriana, ary fahasalamana vaovao iray izay tsy mbola fantatr'izy ireo mihitsy tany aloha teo amin'ny fiainana. Ekeo izany, Tompo.

11 Enga anie ny mpitory teny rehetra, ny mpanompo rehetra izay Anananao manerana an'izao tontolo izao androany, izay mankalaza an'ity fahatsiarovana lehibe ity, enga anie izy ireo hahazo hosotra sy tanjaka ary Hery, hitondra ho an'ireo fiangonany (ilay ondry miandry) an'ilay Sakafo izay ananan'Andriamanitra ao amin'ny fitehirizana ho an'ny Vahoakany. Ekeo izany, Tompo. Miandry ny anjaranay izahay, am-panetre-tena, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Amena.

12 Hangataka an-dRahalahy Neville aho ankehitriny hamaky ny Soratra ny amin'ny fitsanganana. [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Matio 28," ary mamaky an'izao Soratra manaraka izao—Mpand.]

> [*Ary tamin'ny fiafaran'ny sabata, raha nanomboka nazava ratsy ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia tonga i Maria Magdalena sy ilay Maria hafa mba hijery ny fasana.*]
>
> [*Ary, indro, nisy horohorontany mafy: fa nisy anjelin'ny Tompo nidina avy tany an-danitra, ka tonga ary nanakodia ny vato avy teo amin'ny varavarana, dia nipetraka teo amboniny.*]
>
> [*Ny fijery azy dia tahaka ny tselatra, ary ny fitafiany fotsy tahaka ny oram-panala:*]
>
> [*Ary nohon'ny fahatahorana azy dia nangovitra ireo mpiambina, ka tonga tahaka ny olona maty.*]
>
> [*Ary namaly ilay anjely ka nilaza tamin'ireo vehivavy hoe, Aza matahotra ianareo: fa fantatro fa mitady an'i Jesosy ianareo, izay efa nohomboana.*]
>
> [*Tsy ato izy: fa efa nitsangana izy, araka ny nolazainy. Avia, jereo ny toerana izay nandrian'ny Tompo.*]
>
> [*Ary mandehana haingana, ka teneno ireo mpianany fa efa nitsangana tamin'ny maty izy; ary, indro, mandeha mialoha anareo any Galilia izy; any no hahitanareo azy: indro, efa nilaza taminareo aho.*]
>
> [*Dia niala haingana teo amin'ny fasana izy ireo niaraka tamin'ny tahotra sy fifaliana lehibe; ary nihazakazaka hitondra ny teny tamin'ireo mpianany.*]
>
> [*Ary raha nandeha mba hiteny amin'ireo mpianany izy ireo, dia indro, nifanena tamin'izy ireo Jesosy, nanao hoe, Arahabaina ny rehetra. Dia nanatona izy ireo ka nihazona azy tamin'ny tongotra, ary nanompo azy.*]
>
> [*Avy eo dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe, Aza matahotra: mandehana teneno ireo rahalahiko mba handehanan'izy ireo any Galilia, fa any no hahitan'izy ireo ahy.*]

[*Ankehitriny rehefa nandeha izy ireo, indro, nankany an-tanàna ny sasany tamin'ny mpiambina, ka naneho tamin'ireo lohan'ny mpisorona an'ireo zavatra rehetra izay natao.*]

[*Ary rehefa niangona niaraka tamin'ireo loholona izy ireo, ka naka hevitra, dia nanome vola be an'ireo miaramila izy ireo,*]

[*Nanao hoe, Lazaonareo hoe, Ireo mpianany no tonga tamin'ny alina, ka nangalatra azy raha mbola natory* izy ireo.]

[*Ary raha tonga eo an-tsofin'ny governora izany, dia izahay no handresy lahatra azy, sy hiaro* azy.]

[*Noho izany dia nandray ny vola izy ireo, ka nanao arak'izay nampianarina azy ireo: ary izany teny izany dia aely foana eo anivon'ireo Jiosy hatramin'ity andro ity.*]

[*Tamin'izay fotoana izay dia nandeha nankany Galilia ireo mpianatra iraika ambin'ny folo, ho any amin'ilay tendrombohitra izay notondroin'i Jesosy tamin'izy ireo.*]

[*Ary rehefa nahita azy izy ireo, dia nanompo azy: fa ny sasany nisalasala.*]

[*Ary nanatona Jesosy ka niteny tamin'izy ireo, nanao hoe, Efa nomena ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany.*]

[*Koa mandehana ianareo, ary ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina:*]

[*Mampianatra azy ireo hitandrina an'ireo zavatra rehetra izay nandidiako anareo: ary, indro, aho momba anareo foana, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy aza. Amena.* Elanelana tsy voaraki—peo.]

13 . . . hanampy ny Fitahiany amin'ny famakiana Ny Teniny.

14 Ankehitriny dia hilaza izahay, hanao filazana indray ankehitriny, fa ireo fotoana, ary ho an'ny maraina, dia hitohy amin'ny sivy sy sasany, vantany vao miala avy amin'ity isika, ny . . . ity fotoana maraina ity ankehitriny. Ary noho izany isika dia hiantso an'ity hoe fotoan'ny fiposahan'ny masoandro. Ary izahay dia, manana zavatra lehibe sasantsasany ho entina aminareo mikasika an'ireo—ireo fivoriana izay efa lasa. Ary tianay ianareo izay marary sy ory, ianareo rehetra, mba ho tonga miaraka amin'ny finoana izao maraina izao, mba hino fa ity Jesosy nitsangana ity dia velona androany, ary tsy miova mihitsy Izy tahaka Azy hatramin'izay. Tsy niova Izy na kely aza.

15 Ankehitriny dia te-hamaky ampahany kely iray an'ny Soratra aho eto, hita ao amin'ny toko faha-19-n'ny Joba, manomboka amin'ny andininy faha-15.

*Ireo izay mitoetra ao anatin'*ny *tranoko,. . .ireo ankizivaviko, dia manao ahy ho vahiny iray: Izaho dia vahiny iray eo imason'izy ireo.*

Niantso ny mpanompoko aho, fa tsy nanome *valiny ahy izy; miangavy azy amin'ny vavako aho.*

Ny fofonaiko mahaloiloy ny vadiko, na dia miangavy aza aho nohon'ny amin'ireo zanaky ny nofoko *manokana.*

Eny, manamavo ahy ireo ankizy tanora; nitsangana aho, fa niteny nanohitra ahy izy ireo.

Ireo sakaizako nifankazatra rehetra dia nankahala ahy: ary ireo izay tiako dia nivadika nanohitra ahy.

Ireo taolako miraikitra *amin'ny hoditro sy amin'ny nofoko, ary mandositra amin'ny hoditry ny nifiko aho.*

Mamindrà fo eo *amiko, mamindrà fo* eo *amiko, O ianareo ry sakaizako; fa ny tànan'Andriamanitra no* efa *nikasika ahy.*

Nahoana ianareo no manenjika ahy tahaka an'Andriamanitra, ary tsy afa-po amin'ny nofoko?

Oh enga anie ireo teniko ankehitriny ho *voasoratra! Oh enga anie izy ireo ho* voatomboka *eo amin'ny boky!*

Enga anie izy ireo ho voasokitra amin'ny penina vy ka voaisy firaka eo amin'ny vatolampy mandrakizay.

Fa fantatro. . .velona ny mpanavotra ahy, ka hitsangana eto an-tany izy amin'ny andro farany:

*Ary na dia aorian'ny. . .*handevonan'*ireo kankan'ny hoditra an'ity vatana ity aza, dia mbola hahita an'Andriamanitra amin'ny nofoko aho:*

Izay ho hitako izaho irery, . . .ny masoko no handinika, fa tsy ny hafa; na dia levona ato anatiko aza ireo voako.

16 Te-haka ho an'ny lahateny iray eo aho, hita ao amin'ity Joba 19 ity. *Fantatro.*

17 Ilay patriarka tamin'ity fotoana ity dia saiky nitovy amintsika amin'izao andro izao. Efa tao anatin'ireo olana lalina izy, araka ny iantsoantsika azy hoe, "rano miakatra," ary namoy fo izy. Nipetraka teo ambonin'ny antontan-davenona nandritry ny andro maro izy, ary niezaka ny hahita teny hampionona azy, niezaka ny hahita zavatra izay hanome fampaherezana azy, sy zavatra iray izay ho—ho fiononana iray ho azy raha nahita ny fiainany niha-nalazo niala taminy izy.

18 Voalohany, dia lehilahy antitra iray izy, saiky teo amin'ny sivifolo taona teo, ary voavelin'ny tànan'Andriamanitra izy. Ankehitriny, fantatsika fa tsy Andriamanitra no nikasika azy tamin'ny Tànany, fa Andriamanitra no namela an'i Satana mba hikasika azy. Manana mpiasa fotsiny hanao an'ireo zavatra

Andriamanitra. Raha mila ratsy iray ho vita Andriamanitra, dia mamotsotra an'i Satana hanao an'ilay izy fotsiny Izy. Ary raha mila tsara ho vita Izy, dia manana an'ireo Mpanompony Izy izay Avotsony hanao an'ilay izy.

19 Ary nikasika an'i Joba i Satana ho an'ny tanjona iray, hizaha toetra azy, satria nanana adi-hevitra iray izy sy Andriamanitra. Ary Andriamanitra dia niteny tamin'i Satana hoe, "Manana mpanompo iray Aho eny amin'ny tany, tsy misy tahaka azy. Na inona na inona Lazaiko aminy, dia hataony izany. Lehilahy tanteraka iray izy, ary lehilahy marina iray."

20 Dia hoy Satana hoe, "Raha Havelanao hahazo azy fotsiny aho, dia hanao azy hanozona Anao eo amin'ny Tavanao."

21 Joba, tamin'ny tsi-fahafantarana an'ireo zavatra rehetra niseho ireo, izany dia nitondra an'ilay patriarka tao anatin'ny fahoriana lalina iray. Kanefa, na ahoana na ahoana, rehefa lasa niala taminy ny rehetra, dia mbola nihazona foana ny toerany tao—tao amin'i Kristy izy. "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy," hoy izy.

22 Ankehitriny dia tonga eo amin'ireo toerana ireo isika. Isika rehetra dia tonga. Ary mino aho fa androany, dia miangona eto isika ho an'ny zavatra iray mitovy amin'io tanjona iray io ihany. Eo ambonin'ireo antontan-davenona no misy antsika rehetra. Manana an'ireo olantsika isika, sy ireo ambony sy ambanintsika, sy ireo—ireo fotoantsika ratsy, sy ireo aretintsika, sy ireo aretim-pontsika, ary ireo fahadisoam-panantenantsika. Noho izany dia tonga tahaka an'ity isika, an'ny maraina iray, ity marainan'ny Paska ity, mba hahita an'ireo tenin'ny fiononana, tahaka ny niezahan'i Joba ho hita avy tamin'ireo sakaizany.

23 Tsy nisy tamin'izy ireo afaka nanome fiononana iray ho azy. Nohon'ny olany, dia niampanga azy ho mpanota miafina iray izy ireo. Tamin'izay fotoana izay, teo afovoan'io olana rehetra io, dia tonga ho an'ny famonjeny Andriamanitra.

24 Nanontany i Joba. Araka ny fantany, dia tsy hoe ny aretiny sy ireo vainy fotsiny, sy ny olana sy aretim-po, nohon'ny fahaverezan'ny fianakaviany sy ny hareny rehetra, no saiky nanala ny ainy; fa lehilahy antitra iray izy, azon-taona tsara, ary nahafantatra fa handeha hidina ao am-pasana izy. Ary, teo am-pahafantarana an'izany, dia nino izy fa nisy olona iray izay nitondra azy teto an-tany, tsy afaka ny ho tonga irery teto fotsiny izy. Ary fantany fa tonga avy tamin'ny ray iray sy reny iray izy, saingy, kanefa, io ray sy reny io dia tsy maintsy nanana olona iray nitondra azy ireo. Ary izany no namerina azy indray nankany amin'ny tany amin'ny voalohany hoe, "Iza no nitondra an'ilay anankiray, voalohany?"

25 Ary tamin'izay fotoana izay izy no nanontany an'ity. "Zavatra hafahafa iray ny maha-eto ahy, mitsangatsangana manodidina, fiainana iray avo kokoa noho ny an'ny biby, sy

fiainana iray avo kokoa noho ny fiainan-java-maniry." Kanefa dia hitantsika fa hoy izy hoe, "Raha maty ny hazo, dia ho velona indray izy. Ary raha ny—ny voninkazo iray no maty, dia ho velona indray izy." Fa hoy izy hoe, "Mandry ny olona, manolotra ny fanahy izy, ary aiza izy? Tonga ireo zanany misaona azy ary manome voninahitra, nefa tsy hitany izany." Ary nanontany izy hoe, "Inona ny olana fa—fa Andriamanitra dia namela ny fiainana tahaka an'izany ho velona indray, toy ny voninkazo sy ireo voly, nefa ny olona iray dia tsy afaka ny ho velona indray?" Nanao azy hikorontana io rehetra io.

26 Ary raha hisintona fotsiny avy amin'io fehin-kevitra io isika izao maraina izao. Ary ho an'izany no maha-eto antsika. Efa nandre ny tantaran'ny Paska isika, hatrany sy hatrany, ary namaky an'izany nandroso sy niverina; ary androany, eo amin'ireo fampielezam-peon'ny radio-nareo, dia handre mpitoriteny samihafa hanatona an'izany ianareo. Saingy ny noeritreretiko, ho an'ny vondrona keliko izao maraina izao, ny Tompo no nanome ahy, hanatona an'izany avy amin'ny fijery hafa iray aho raha vitako, ho tonga eo amin'ny toerana iray hoe: Nahoana isika no tonga eo amin'ireo olana ireo? Inona no manao an'ireo zavatra ireo ho tonga? Nahoana ny Kristiana iray no tokony ho very hevitra hatrany? Nahoana no tsy ny zavatra rehetra no, mandeha tanteraka ho an'ny Kristiana iray? Saingy tsy mandeha ilay izy, ary fantatsika izany.

27 Ary indraindray aza isika manana olana betsaka kokoa rehefa lasa Kristiana iray noho ny nananantsika fony isika mpanota. Mazava ho azy, Izao no voasoratra hoe, "Maro ny fahorian'ny marina, fa Andriamanitra manafaka azy amin'ireo rehetra ireo." Nampanantena fahoriana maro Andriamanitra, fihetseham-po hafahafa, ary zavatra hafahafa izay any ankoatry ny fahalalantsika, saingy natao ho an'ny soa ho antsika foana izany. Tsy mety azontsika fotsiny ilay izy, satria, raha nahazo isika, amin'izay fotoana izay dia tsy ho finoana iray izany ho antsika; handeha hiaraka amin'ny fahalalana iray isika. Fa ataontsika ilay izy, dia manana azy isika, ary mino amin'ny alàlan'ny finoana isika, Ny Teniny, hoe hiasa ho an'ny zavatra tsara ho antsika izany. Raha afaka mamikitra an'izany isika androany, amin'ity—ity maraina ity. Raha afaka mamikitra isika fa ireo olantsika rehetra . . . Fa tsy misy iray amintsika afaka amin'izy ireo. Ary raha afaka mahalala isika fa ireo zavatra ireo dia ho an'ny soa ho antsika!

28 Izao no voasoratra, ao amin'ny iray amin'ireo Soratra ao anatin'ny Baiboly, hoe, "Ireo fizahan-toetra izay entina eo amintsika, dia sarobidy kokoa amintsika noho ny volamena izy tenany, satria Andriamanitra no manome antsika an'ireo fizahan-toetra ireo." Rehefa avy lasa Fananany isika, ny fiaikentsika sy ny batisantsika, ary ny fampanantenantsika ny handeha ao amin'ny fiainana ho Azy, amin'izay fotoana

izay ny fizahan-toetra rehetra izay tonga eo amintsika dia ny hahatanteraka antsika ho an'ny Voninahiny. Izany dia hitondra antsika ho eo amin'ny toerana iray izay ahafahan'Andriamanitra hanao ny Tenany ho tena misy kokoa amintsika noho ny nahaizy Azy talohan'ny nahatongavan'ilay fizahan-toetra.

29 Te-hikambana amin'i Joba aho izao maraina izao, mba hilaza fa efa niaina ela be aho mba hahafantatra fa izany no Fahamarinana. Efa nahita an'izany tao amin'ny fiainako manokana aho, hoe isaky ny mipoitra ny toe-javatra lehibe iray, ka tsy afaka mihodina amin'izany aho, na eo ambanin'izany na eo ambonin'izany, dia manao làlana iray Andriamanitra, ka mivoaka ho be voninahitra. Manontany fotsiny aho hoe ahoana no anaovan'ny Fahasoavany an'izany hatrany, saingy Ataony izany.

30 Ary tsarovy, ao amin'ireo zavatra rehetra ireo, dia miezaka i Satana ny hanao antsika hikorontan-tsaina, ary manakorontana antsika, mba hanao antsika hieritreritra hoe, "Oh, nahoana no nitranga *ity*? Nahoana aho no tsy nety ho tahaka an'*ity*?"

31 Andro vitsy lasa izay rehefa nivoaka avy tao amin'ilay toerana tsara tarehy indrindra, sy mirenty indrindra izay hany hitako teo amin'ny fiainako rehetra aho, izany dia ilay tranobe an'ny rahalahintsika, Oral Roberts. Rehefa nahita an'ilay vatofotsy mafy aho, ary tsy nisy varavarankely iray tao anatin'izany na taiza na taiza, saingy toy ny ahoana no nametrahana azy! Ary efa tao Hollywood aho sy efa tao amin'ireo lapan'ny mpanjaka, ary efa hatraiza hatraiza izay mety nisy aho, saiky, manerana an'izao tontolo izao, ary ireo toerana sy trano lafovidy, maha-te-ho tia rehetra, saingy tsy mbola nahita zavatra iray mihitsy aho, toerana iray, hampitahaina, amin'izany, na taiza na taiza mihitsy. Toy ny ahoana no ifampidiran'ireo tariby alimo amin'ilay—ilay anatiny miaraka, ary, oh, tsy mbola nahita zavatra iray tena mirenty mihitsy aho teo amin'ny fiainako rehetra. Rehefa nandeha tao aho, ka nalaiko ny tànako ary nokosehako ireo haingon'andry, ary—ary ilay granite lehibe; ny rehetra dia tao amin'ny endriky ny trinite iray an'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, ireo—ireo sary sokitra an'izany. Ireo zavatra rehetra ireo! Vao avy tany amin'ny an-dRahalahy Tommy Osborn aho, ary nahita ny asany lehibe, mahery tany ho an'ny Tompo.

32 Nitsangana tany ivelany aho, ary nijery indray an'io tranobe io, dia nieritreritra aho hoe, "Andriamanitra, azo antoka fa lasa mpihatsaravelatsihy iray aho, azo antoka fa lasa voaroaka iray aho, any ho any; satria, ny asam-panompoan'ireo lehilahy ireo dia nivoaka avy tamin'ny ahy." Dia nieritreritra aho hoe, "Inona? Angamba tena tsi-mahatoky loatra aho, Tompo, ka tsy afaka nahatoky ahy tamin'ny zavatra iray tahaka an'izany Ianao. Na dia ireo dolara kely, vitsy izay Amelanao ahy handoavana an'ireo asam-pitoriana sy ny sisa aza, ankehitriny dia miezaka ny

handefa ahy any amin'ny fonja izy ireo noho izany. Fa nahoana aho no mpihatsaravelatsihy iray tahaka an'izany, na nahoana aho no olona tsi-mahatoky iray tahaka an'izany?"

Teo amin'ny antontan-davenona aho, tahaka an'i Joba fahiny.

33 Rehefa nitsangana tany ivelany aho tany, niaraka tamin'ny zara raha afaka nihazona ny fofonaiko, nohon'ny fahalehibeazana tahaka an'izany; hoe zazalahy mahantra iray teraka tao anatin'ny zohy iray, Pentekotista iray, no afaka nahavita sy nitondra an'io tao amin'io tranobe malaza goavana io. Dia nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, angamba tsy mendrika aho."

34 Tamin'izay fotoana izay mihitsy no nidina avy tamin'ireo làlantsara ireo ny Feo kely iray, ka nanao hoe, "Fa Izaho no anjaranao."

35 Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "O Tompo Andriamanitra, oh, aoka io hijanona tahaka an'izany fotsiny, raha izany, Tompo. Izaho . . . satria tsy hanana an'ilay fahalalana hitondra asa iray lehibe tahaka an'io ho Anao aho. Ary izaho dia—dia olona tsy mahay manoratra iray. Saingy, raha mbola anjarako foana Ianao, dia Anao aho, ary Ianao no hitarika ahy. Tsy afaka mitarika ny tenako aho. Fa, O Tompo, tariho aho!"

36 Ireo ora sarotra ireo no manery antsika mankeo amin'ireo fasika masina ireo. Tao anatin'ny Baiboly izany. Ary tsarovy, tsy mampaninona na lehibe toy ny ahoana aza ilay fahoriana, dia tsy afaka manala ny ainareo i Satana raha tsy efa nahavita taminareo Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona afaka hitranga aminareo raha tsy Andriamanitra no mamela an'izany. Tsy misy ratsy afaka ny ho tonga raha tsy Andriamanitra no mamela an'izany. Ary ho an'ny soa ho anareo no Iasany amin'izany. Aoka isika hieritreritra.

37 Rehefa tonga ny safo-drano tany mba handrava an'izao tontolo izao, dia tsy afaka nandrava an'i Noa izy. Tsy afaka ny ho rava i Noa, satria dia nanana asa iray hampanaovina azy Andriamanitra.

38 Indray andro, tao amin'ny firenena malaza iray teo ambanin'ny fanandevozana lehibe iray, dia nisy zanaka Hebreo vitsivitsy izay fantatsika hoe Sadraka sy Mesaka ary Abednego. Ary izany dia tonga teo amin'ny toerana iray izay tsy maintsy nandraisan'izy ireo fanapahan-kevitra iray, hoe tsy maintsy misy zavatra iray vita. Izy ireo dia nanana . . . Ny—ny—ny finoan'izy ireo dia napetraka teo amin'ny fitsapana iray.

39 Ary rehefa apetraka eo amin'ny fitsapana iray ny finoanareo, amin'izay fotoana izay dia aza tsi-mahomby. Mijanòna tsara amin'izay inoanareo.

40 Ary rehefa niatrika izy ireo, dia napetraka teo amin'ny fitsapana iray ny finoana. Ary nandeha nankao amin'ilay ora sarotra izy ireo. Tsy hoe niditra tao amin'ny—ny antontan-davenona iray fotsiny ihany izy ireo, fa niditra tao anatin'ny lafaoro afo iray. Saingy tsy afaka nandrava azy ireo i Satana, satria tsy mbola tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Afaka niditra tao niaraka tamin'ity fanantenana ity izy ireo hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy!" Afaka niditra tao niaraka tamin'ity fanantenana eto ity izy ireo hoe, "Manana antoka izahay fa Andriamanitra dia mahay manafaka anay amin'ity lafaoro afo ity, saingy, na tsy izany aza, dia tsy hiondrika amin'ilay sariolona izahay."

41 Tsy afaka naka azy ireo i Satana. Tsy afaka nandentika an'i Noa tao anatin'ny safo-drano izy, raha tsy efa tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Tsy afaka nandoro an'ireo zanaka Hebreo izy, raha tsy efa tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Tsy afaka namono an'i Joba niaraka tamin'ireo vay sy olana izy, raha tsy efa tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Ireo liona koa aza dia tsy afaka nihinana an'i Daniela, raha tsy efa tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Ny fahafatesana sy ny fahanterana koa aza dia tsy afaka naka an'i Abrahama, raha tsy efa tanteraka ny tanjon'Andriamanitra.

42 Ary tsy afaka maka anareo koa aza izany, na afaka maka ahy, raha tsy ny tanjon'Andriamanitra, an'ny fiainantsika, no tanteraka. Noho izany, dia avy eo isika no misintona, fiononana.

43 Ary nahoana no avelan'Andriamanitra ho tonga ireo olana? Andriamanitra dia mamatotra ny olana, mametraka lamboridy eo amin'ny vavany ary manao an'ilay izy hankatò Azy, ka ireo olana ireo no mitondra antsika ao amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra akaiky kokoa.

44 Tsy nisy avana raha tsy efa tonga ny safo-drano. Fa rehefa avy voatery tao anatin'io toerana izay nisy azy io i Noa, mba hitsingevana efapolo andro sy alina, tao anatin'ny tafio-drivotra iray, ka nihilangilana ambony sy ambany tao anatin'ny rano ilay sambofiara kely; taorian'ny nifaranan'ny safo-drano, no nahitany an'ilay avana ho an'ny fotoany voalohany, ilay fifaneken'ny fanantenana, ilay fifaneken'ny teny fikasana. Rehefa avy nandalo ny fahoriambe izy, tamin'izay fotoana izay izy vao nahita an'ilay teny fikasana.

45 Tahaka an'izany no ahitanareo ny teny fikasana, rehefa avy nandalo ny fahoriambe ianareo. Tiako ilay tononkalo, na salamo:

> Tsy maintsy entina mody any An-danitra
> Eo ambonin'ny fandriam-piadanana iray misy voninkazo ve aho,
> Nefa ireo hafa dia niady mba hahazo an'ilay loka
> Ka nisosa nandalo teo amin'ireo ranomasin-drà?

46 Mangataka fiononana sy fiadanana isika. Andriamanitra dia manome antsika ny tsara indrindra izay Azony omena antsika, ireo fizahan-toetra sy fahoriambe. Izany no tsaratsara kokoa noho ny fiononana sy fiadanana. Ny fiononantsika dia any ankoatr'ilay renirano fotsiny.

47 Taorian'ny nanerena an'ireo zanaka Hebreo hiditra tao anatin'ilay lafaoro afo, teo amin'ny iray amin'ireo fizahan-toetrany mafy indrindra, no nahitan'izy ireo an'ilay Anankiray tahaka ny Zanak'Andriamanitra nitsangana teo anivon'izy ireo. Ny olan'izy ireo no namokatra an'ilay Zanak'Andriamanitra nitsangana teo anivon'izy ireo, tao anatin'ireo rivotra malefaka, hitsoka an'ireo onjan'ny hafanana hiala. Saingy taorian'ny nidiran'izy ireo tao anatin'ilay afo no niseho io Mpampionona io.

48 Daniela no ninia tao am-pony fa tsy handoto ny tenany amin'ireo zavatr'izao tontolo izao izy, ka noterena tamin'ny fizahan-toetra iray, na izy hivavaka amin'Andriamanitra na handeha ao amin'ny lavaky ny liona. Saingy taorian'ny nampirehetana an'ilay hafanana, ka natsipy tao anatin'ny lavaky ny liona izy, izany, taorian'izany, no nahitany an'ilay Anjelin'ny Tompo nitsangana teo afovoany, niambina, ilay Andry Afo lehibe nitsangana teo anelanelany sy ireo liona. Ary tsy afaka nahazo azy ireo liona, satria nandalo teo amin'ireo fizahan-toetra sy fakam-panahy ary olana izy. Ary fantany fa ny Andriamaniny dia mahay manafaka azy amin'izany.

49 Abrahama ilay izy, taorian'ny nahitany fa tsy mamokatra ilay tany, ka tonga ny hain-tany, ary nampisaraka ny tenany i Lota ka nandeha nidina mba hiaina finaritra tao amin'izao tontolo izao. Ilay izy dia taorian'ny nandrenesany an'ireo fitarainana sy antsoantson'ireo—an'ireo mpiandry ondriny, tsy nisy ahitra ho an'ny biby fiompiny, saingy nikojakoja an'ilay tany izay nomen'Andriamanitra azy izy sy niteny taminy mba hivahinianana. Ary satria tamin'io andro io, rehefa avy nozahan-toetra izy hany ka—ka tonga teo amin'ny farany ny faharetany, dia tamin'io andro io no, rehefa tapitra ilay fizahan-toetra, niresahany nifanatrika tamin'i Elohima teo ambanin'ilay hazo ôka tamin'io andro io. Taorian'ny niaretany an'ireo fizahan-toetrany, taorian'ny nandalovany an'ireo olana izay efa nandalovany, no nisehoan'Andriamanitra taminy tao amin'ny endrika Lehilahy iray; ary nipetraka teo ka niteny taminy fa nanambady izy ary ny anaran'ny vadiny dia Saraha, ary niteny fa nihomehy Azy izy, tao anatin'ilay tranolay taoriana. Teo no niantsoan'i Abrahama Azy hoe "Elohima." Taorian'ilay fizahan-toetra sy fahoriambe izany.

50 Oh, raha mba afaka mamoha ny Tenany fotsiny mantsy ilay Fiangonana androany, mba hahita fa aorian'ireo olana sy fizahan-toetra, sy fihomehezana sy fanesoana, ireo zavatra izay nandalovan'ilay Fiangonana, ilay Fiangonana pentekotista; no

ahitantsika an'Andriamanitra eo afovoantsika, manao an'ireo famantarana lehibe, sy fahagagana.

Aorian'ireo asa mafy sy olan'ny andro,
Aorian'ny andalovan'izany rehetra izany,
Amin'izay fotoana izay dia hahita an'i Jesosy isika
amin'ny farany.

Hiandry ahy Izy,
Jesosy tena tsara sy marina,
Eo amin'ny Seza fiandrianany tsara tarehy,
No Handraisany antsika any an-Trano
Rehefa lasa ny andro.

Raha mbola atoandro, dia ndao isika hiasa.

51 Ireo lehilahy malaza rehetra ireo, izay haka betsaka an'ny fotoantsika maraina, raha miditra hilaza an'izany. Nandalo fizahan-toetra izy ireo, dia nahita an'Andriamanitra. Nandalo fizahan-toetra izy ireo, dia nahita Anjely. Nandalo fizahan-toetra izy ireo; sy fanambarana, dia nahita famantarana sy fahagagana, sy ny sisa.

52 Fa, oh, tsy nisy tamin'izy ireo nahita an'izay hitan'i Joba. Ireo lehilahy rehetra ireo, rehefa avy nahita Anjely, sy nahita an'Andriamanitra ary ireo zavatra rehetra ireo, dia tsy nahita na inona na inona mihitsy izy ireo mba hanome azy ireo fanantenana any ankoatry ny fasana. Fa i Joba nahita ny fitsanganana! Nahita ny Paska izy. Nahita an'ilay zavatra izay mampionona ny fo rehetra izy. Tamin'izay fotoana izay izy no nanao hoe, "O enga anie ireo teniko ho vita printy ao amin'ny boky! O enga anie izy ireo ho voasokitra amin'ny penina vy, ao amin'ny vatolampy!"

53 Hitanareo, izany, ny zavatra rehetra dia nivadika nanohitra azy. Ny, na dia ireo mpanompony aza dia tsy niteny taminy. Vahiny iray ny vadiny. Nipetraka teo izy, teo amin'ny antontan-davenona, ilay fizahan-toetra lehibe. Ary tonga ilay fiangonana, ka nanatodika ny lamosiny taminy, nandritry ny fito andro. Ary tsy nisy olona hampionona azy!

54 Noho izany dia tsy maintsy nahita an'ilay fahitan'ny Paska izy, rehefa niantsoantso izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto an-tany Izy amin'ny andro farany. Fantatro! O enga anie ireo teniko ho voasoratra amin'ny penina vy, ao amin'ny vato iray, enga anie ireo teniko tsy halazo intsony, satria fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy! Fantatro! Fantatro!"

55 Inona no fantatrao, ry Joba? "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy." Efa voamarikareo ve, fa tsy hoe nisy Olona velona fotsiny ihany teo, fa Izy dia Mpanavotra iray ho an'i Joba!

56 Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo. Tena faly aho fa ampahan'ny Paska aho, fa ampahan'io fitsanganana io aho!

Ary ampahan'izany isika izao maraina izao, satria monina ao anatintsika io Fiainam-pitsanganana io (izany hoe, ny mpandray anjara) izay nitondra ny Paska. "Fantatro fa ny Mpanavotra ahy. . . " Inona no fantatrareo? Tsy manombatombana an'izany aho; manana fanombatombanana be loatra isika amin'izao andro izao. "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy!" Eny, tompoko.

57 Ankehitriny dia inona Izy? Raha velona Izy, dia Mpanavotra iray Izy ho an'i Joba. "Ahy," manokana, *ahy,* "velona ny Mpanavotra ahy!"

58 Ary inona koa no fantatrao, ry Joba? Inona no hitanao tao amin'io fahitana io? "Ary amin'ny andro farany, dia hitsangana eto an-tany Izy. Ary na dia mandevona ny vatako aza ireo kankan'ny hoditra, dia mbola hahita an'Andriamanitra amin'ny nofoko aho, Izay izaho irery no hahita. Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto an-tany Izy amin'ny andro farany. Na dia levona ato anatiko aza ireo voako, na dia mandevona ny vatako aza ireo kankan'ny hoditra, dia mbola hahita an'Andriamanitra amin'ny nofoko aho." Tamin'ny alàlan'izany no nisy an'ilay fahitana lehibe indrindra.

59 Nahita Anjely iray i Daniela. Nahita an'ilay Zanak'Andriamanitra ireo zanaka Hebreo. Nahita an'ilay avana i Noa. Nahita an'Andriamanitra i Abrahama, nifanatrika. Saingy, i Joba nahita ny fitsanganana, nijery nankany aloha i Joba. Ireo patriarka sy ireo olo-masina malaza rehetra, an'ny Baiboly, dia nijery nankany aloha ho an'io andro io; niaraka tamin'ny antoka iray, tamin'ny alàlan'ireo fahitany, tamin'ny alàlan'ireo fanambarany, fa ho avy ny fotoana iray an'ny fitsanganana.

60 Ankehitriny dia mahita an'ireo asa lehibe mandeha isika. Mahita an'ireo herin'Andriamanitra lehibe isika. Mahita an'ireo zavatra lehibe izay Azony natao isika. Tsy afaka mijery ny masoandro ianareo ka—ka mahafantatra fa tsy izany no Herin'Andriamanitra izay mampihodina ny tany manodidina an'io masoandro io. Tsy afaka mahita lohataona iray tonga ianareo nefa tsy mahafantatra fa nisy Andriamanitra iray. Afaka mahita fanasitranana maso jamba ianareo, sofina marenina, mahafantatra fa Andriamanitra izany. Fa ahoana moa raha izay ihany no nisy, ka rehefa maty isika dia lasa isika? Fa ny fitsanganana, ny Paska, oh, izany no nanisy tombokase ny zavatra rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra, dia ny fitsanganana.

61 Ary tsy maintsy nanana fanohomboana iray izy ireo, alohan'ny ahafahanareo manana fitsanganana iray. Ary alohan'ny hany hahafahan'ilay Fiangonana mahita Hery manangana iray, alohan'ny hany ahafahako mahita asam-panompoana vaovao iray hiseho amin'ny tenako, alohan'ny hany

ahafahako miditra ao amin'ny fiombonana vaovao iray miaraka amin'Andriamanitra, dia tsy maintsy misy fanohomboana ny tena iray mba ahafahan'ny fitsanganana iray ho tonga. Tsy maintsy maty amin'ny fisainantsika manokana isika, maty amin'ny fanaontsika manokana, maty amin'ny zavatra rehetra izay manodidina antsika, mandalo ao amin'ireo fizahantoetra sy fahoriambe, mba ahafahantsika mahita fitsanganana vaovao iray, Fiainana vaovao iray. Alohan'ny hany ahafahan'ny mpanota iray ho lasa Kristiana iray, dia tsy maintsy misy fahafatesana iray ho tonga, avy eo dia fitsanganana iray.

62 Talohan'ny nahafahan'i Abrahama nahita an'i Elohima, dia tsy maintsy nisy fitsapana dimy amby roapolo taona. Talohan'ny nahafahan'ireo zanaka Hebreo nahita an'ilay Zanak'Andriamanitra, dia tsy maintsy niditra tao anatin'ny lafaoro afo iray izy ireo. Talohan'ny nahafahan'i Daniela nahita Anjely iray, dia tsy maintsy niditra tao anatin'ny lavaky ny liona izy. Talohan'ny hany nahafahan'i Joba nahita ny fitsanganana, dia tsy maintsy niditra izy ka nahavery ny zavatra rehetra izay nananany; fa avy eo, tamin'ny alàlan'ny fahitana iray, dia nahita izy!

63 Ary raha afaka nihazona mafy teo amin'ny teny fikasana iray Joba tamin'ny alàlan'ny fahitana iray, dia tsy mihoatra noho izany ve no tokony hataontsika, rehefa avy nitsangana tamin'ny maty Kristy ka lasa Voaloham-Bokatr'ireo izay nodimandry, ka namerina ny Fanahy Masina ho tombokase iray an'ny teny fikasana, eo amintsika, hoe ho velona koa isika. "Satria velona Aho, dia velona koa ianareo!" Mahita Ny Fanatrehany lehibe eo anivontsika, miasa, manao an'ireo famantarana sy fahagagana iray ihany izay Nataony teto an-tany, manome antsika an'ireo fanantenana. Ary tonga eo amin'ny fitsanganana isika, nefa ve avy eo dia hijanona eo amin'ny antontan-davenontsika? Ndao isika hiala eo amin'ilay antontan-davenona androany, miaraka amin'ny fahitana vaovao iray, miaraka amin'ny Hery vaovao iray, miaraka amin'ny fanapahan-kevitra vaovao iray hoe mahita an'Andriamanitra ao amin'Ny Heriny isika. Mahita ny fitsanganan'ireo zavatra tonga isika.

64 Eo amin'ny fotoan'ny fahafatesana isika izao. Mipetraka eo amin'ireo varavaran'ny fahafatesana isika. Eo amin'ireo varavaran'ny fahafatesana ireo firenena.

65 Nahita fitaovam-piadiana vaovao iray i Rosia ankehitriny, araka ny henonareo rehetra eo amin'ny radio sy ny sisa. Tsy mila tonga eto izy ireo ka hanapoaka an'izany miaraka amin'ny baomba iray. Afaka mitondra zavatra kely iray eto fotsiny izy ireo, ary miditra eo anivon'ireo mpitsikilony, sy manipy karazan-javatra kely iray ao amin'ny firenena rehetra, dia halemy mandritry ny efatra amby roapolo ora ny olona rehetra. Tonga ary, rehefa mifoha ianareo, dia hisy Rosiana iray handaka anareo eo amin'ny lanivohonareo, haka ny tranonareo

ny mpiambina Rosiana goavana iray, hanolana ny vadinareo, hanipy ny zanakareo eny an-dàlambe, ary haka ny tranonareo. Afaka manao an'izany izy ireo. Tsy hanary zavatra anankiray izy ireo. Manana an'izany izy ireo. Tsy misy olona mahafantatra hoe inona izany. Hitanareo, ny zavatra rehetra dia mandroso miditra. Ankehitriny dia afaka mampiasa an'izany izy ireo ary tsy matahotra an'izany, satria tsy misy olon-kafa manana an'izany.

66 Tsy fantatsika hoe ahoana no hahatongavan'izany, inona no hiseho. Fa zavatra anankiray no fantatsika, hoe eo amin'ilay antontan-davenona isika. Ny firenena, dia eo amin'ny antontan-davenona. Izao tontolo izao dia eo amin'ny antontan-davenona.

67 Ary satria eo amin'ny antontan-davenona iray izao tontolo izao, dia tena faly aho fa afaka ho tonga ny Fanahin'Andriamanitra, ka afaka milaza isika hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto ambonin'ity tany ity Izy amin'ny andro farany!" Ho avy Izy indray andro any! Tsy mahagaga raha nanoratra ilay poety hoe:

> Velona, nitia ahy Izy. Maty, namonjy ahy Izy.
> Nalevina, nitondra ny otako lavitra Izy.
> Nitsangana, nanamarina maimaim-poana mandrakizay Izy.
> Indray andro any dia ho avy Izy, oh, andro be voninahitra!

68 Nila Getsemane iray izany, an'ireo teten-dRà namakivaky ny Hodiny, talohan'izany. Ary nila fangirifiriana mahatsiravina iray an'i Kalvary izany, talohan'ny nahafahan'ny porofon'Andriamanitra Mandrakizay iray Izay afaka nanangana ny maty ho tonga. Izany dia nila ny—nila Getsemane iray sy Kalvary iray izany, mba hanao Paska iray. Nila marina tokoa izany.

69 Ahoana ireo apostoly ireo, teo amin'io maraina io, rehefa tena kivy izy ireo, hany ka hoy i Petera hoe, "Tena kivy aho, mino aho fa handeha hiverina hanjono indray aho. Hiverina any aho. Izaho, efa nahita Azy aho."

70 Efa nanana fanantenana lehibe izy ireo, ary nino sy ny zavatra rehetra, mandra-pahatongan'io toerana maizina lehibe io. Inona no nataon'Andriamanitra? Nitondra an'ireo apostoly ireo teo amin'ny antontan-davenona iray Izy. Nitondra azy ireo teo amin'ny toerana iray Izy izay tian'izy ireo mba hananan'izy ireo ny finoany voamarina teo amin'izy ireo.

71 Dia hoy i Petera hoe, "Izaho—efa nahita Azy nanao fahagagana lehibe tany Galilia aho. Saingy, oh, mandry any Izy, maty, ary mangatsiaka, ao anatin'ny fasana! Mino aho fa handeha ho any an-dranomasina fotsiny aho izao maraina izao ka hanipy harato iray, ary handeha hanjono fotsiny. Angamba afaka mijery ny any ampitan'ny ranomasina any aho, ka hahita.

Tsaroako fa nahita Azy aho rehefa niandry antsika teo amin'ilay morona Izy. Mino aho fa handeha any fotsiny aho."

72 Ary hoy ireo apostoly hoe, "Mba fantatrao moa? Mino aho fa handeha hiaraka aminao fotsiny aho." Oh, nanjombona izy ireo. Nitomany izy ireo hany ka nivonto ny mason'izy ireo.

73 Ahoana no ahaizantsika hiaritra an'ireo toerana ireo! Ahoana no ahaizantsika! Efa zatra an'ireo zavatra ireo isika rehetra.

74 Tsaroako rehefa nametraka olona iray sarobidy tao amin'ilay fasana tany aho, teo an-tampon'ilay havoana tany, antsoina hoe ny Tatsinanana, na ilay Walnut Ridge Cemetery. Toy ny ahoana no nametrahako zaza kely iray tany! Ary nitomany teo an-tsandrin'i neny aho, hany ka, nitomany aho mandrapahatonga ahy tsy afaka nitomany intsony. Nanao ny zavatra rehetra izay fantatro aho. Hany ka, naka basy iray aho, mba hiezahana hamono tena, tao anatin'ny fotoana iray tahaka an'izany aho. Ary tamin'izany ora izany, tao amin'ny efitra kely iray tany, nandohalika, no nisokatra indray ireo Lanitra, ka nahita azy nitsangana teo aho tao anatin'ny fanjelanjelatry ny tsi-fahafatesana. Tao amin'izany ora izany no nahatsapako ny sandriny tonga nanodidina ny soroko, nanao hoe, "Bill, tsy azonao. Tena tsaratsara lavitra kokoa noho ianareo izahay."

75 Hitanareo, mila fanohomboana iray izany. Mila fanorotoroana iray an'ny voninkazo izany, mba hamoaka fofomanitra avy ao aminy. Mila fanorotoroana iray an'ny fiainana iray izany, mba hamoaka ny tsara indrindra izay misy avy ao aminy. Izany no antony tsy maintsy nanorotoroana an'i Jesosy, mba hamoaka an'izay naha-izy Azy. Tsy afaka nitsangana talohan'ny fanohomboana Izy, nanao hoe, "Efa nomena eo an-Tànako ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany." Fa taorian'ny fanohomboana, dia afaka nitsangana Izy ka nanao hoe, "Efa nomena eo an-Tànako ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany!" Fa inona no nataon'izany? Nila fanohomboana aloha izany.

76 Nila an'ilay fanorotoroana sy fahadisoam-panantenan'ireo apostoly izany. Efa nahita ny Mpamonjiny izy ireo, ilay Anankiray izay notiavin'izy ireo, ary nahita Azy mihitsy aza nanangana ny maty avy tao amin'ny—avy tao amin'ny fasana. Efa nahita Azy nanao an'izany izy ireo. Ary avy eo dia nieritreritra hoe, "Indro Izy mandry, mangatsiaka, ao ampasana, Izy tenany, izao maraina izao." Izany dia nila ny . . .

77 Ireo olona izay efa nahita Azy nanokatra ny mason'ny jamba, nahita Azy nitsangana teo ka nahafantatra an'ireo tena fisainana mihitsy izay tao am-pon'ny olona hoe, "Ahoana no Nahafantarany," hoy izy ireo, "fa hanaraka Azy izy ireo? Ahoana no Nahafantarany? Nahoana Izy no tsy nahafantatra fa Jodasy, Jodasy no—no hamadika Azy? Nahoana Izy no tsy nahafantatra

fa hiakatra an'ilay tendrombohitra ireo miaramila tany, niaraka tamin'ireo tehina sy sabatra sy ny sisa, mba hisambotra Azy, raha afaka nahafantatra ny fisainan'izy ireo Izy?"

78 Hitanareo, ny devoly no niasa teo amin'izy ireo, nametraka azy ireo teo amin'ny antontan-davenona iray, satria niandry izy ireo ny hanomezana azy ireo fijoroana vavolombelona iray hoe "Fantatro." (Tsy hoe "Maminavina aho" na "izany angamba ilay izy.") "Fantatro! Fantatro!"

79 Ary tsarovy, tahaka an'izany no itondrana eo aminareo an'ireo fizahan-toetra ireo, mba tsy hilazanareo hoe, "Eny, angamba marina Ity, angamba marina ny Soratra, angamba marina ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, angamba marina ny Fanahy Masina." Fa rehefa manana an'io fahatsapana io ianareo ka miala eo amin'io antontan-davenona io, ary manana ny fanambaran'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina, dia afaka miantsoantso ianareo hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotro, satria velona ato amiko Izy!"

80 Hoy i Petera hoe, "Handeha hanjono aho." Hoy ireo apostoly hoe, "Mino aho fa handeha hiaraka aminao aho." Ary teo amin'ny antontan-davenony izy ireo, teo afovoan'ny ranomasina, ka nitohy arak'izay naha-izy azy ilay olana. Ary afaka mandre ny iray amin'izy ireo aho nanao hoe, "Oh, ahoana no nahafahan'izany nitranga, ry Petera? Ahoana no hampety ny karazan-javatra tahaka an'izany hoe Lehilahy iray tahaka an'izany no afaka ny ho faty? Ahoana no Nahafahany hatao ao anatin'ny fasana araka ny naha-izy Azy? Ahoana no Nahafahany nitsangana mba hamela azy ireo handrora teo amin'ny Tavany sy hisintona volombava, nametraka an'io satroboninahitra io teo amin'ny Lohany? Ahoana no Nahafahany hanao an'izany, oh, nefa mbola ho Andriamanitra foana? Tsy mety azoko fotsiny izany." Oh, fahadisoam-panantenana iray toy ny inona!

81 Fa tampoka teo, dia nijery teny amin'ny morona izy ireo, ilay karazana fanambarana iray ihany izay nananan'i Joba, teo no nahitan'izy ireo an'izay hitan'i Joba efatra arivo taona tany aloha. Nitsangana teo ilay Mpanavotra, velona sy vaovao, nitsangana teo amin'ny morona. Niaraka tamin'ny afo iray natao, ary trondro no nandrahoina teo amboniny tahaka an'izany, ary nilaza, nanasa azy ireo.

Manana latabatra mivelatra Jesosy
Izay hamahanana an'ireo masin'Andriamanitra,
Manasa an'ireo Olom-boafidiny Izy hoe "Avia ka mihinàna;"
Miaraka amin'ny Manany izay Amahanany
Sy manolotra izay ilaintsika rehetra;
Oh, izany, dia mahafinaritra ny mihinana miaraka amin'i Jesosy lalandava!

Ahoana no ahafahantsika mieritreritra an'izany, ahoana fa nila an'ireo zavatra lehibe izany!

82 Ahoana fa ilay...Paoly apostoly, ilay apostoly lehibe izay efa nandalo ny fotoan'ny olany rehefa nanatrika ny fahafatesan'i Stefana izy; ary nahita ny tavany kely nijery nankany An-danitra, ka nikapoka azy teo amin'ny tava ireo vato, dia niandrandra izy ka nanao hoe, "Mahita ny Lanitra misokatra aho. Mahita an'i Jesosy mitsangana eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra aho." Hoy izy hoe, "Tompo, aza isaina ho helony izao." Ary i Paoly no nihazona ny akanjony, izay nametraka azy nandritry ny herinandro sy herinandro teo amin'ilay antontan-davenona, nandeha nandroso sy niverina; hany ka, voaloto ny Sainy, hany ka nandeha teny amin'ny làlany nankany Damaskosy izy, mba hiezaka ny hitady làlana hivoahana, tahaka ny olona iray mandeha mankany amin'ny tavoahangin'ny whisky, miezaka ny handentika ny alahelony.

83 Teo afovoan'izany izy, rehefa tonga ny Feo iray avy tany An-danitra, Hazavana mamiratra lehibe iray no nanao hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Nahita Azy izy. Nahafantatra Azy izy, hoe Izy no ilay Jesosy nitsangana, ilay Anankiray izay nijoroany vavolombelona fa maty, dia nitsangana indray.

84 Oh, afaka mahatsiaro ny fiainako manokana aho, teo amin'ny làlana mankany amin'ny faharavana, rehefa nandre Feo mamy iray aho hoe, "Izaho no Jesosy. Maty indray mandeha Aho, velona mandrakizay mandrakizay Aho. Satria velona Aho, dia afaka ny ho velona koa ianao." Hatramin'io fotoana io, nametraka ny tànako teo amin'ny Azy aho, natoky Azy aho nanerana an'ireo toerana maizina. Rehefa tonga ireo fotoana izay tsy ahafahako mahita, hoe làlana iza no handehanako, dia mbola hatoky Azy foana aho.

85 Ny mpino Kristiana rehetra dia tokony ho voatosika ao anatin'ireo fizahan-toetra ireo. Ny mpino Kristiana rehetra dia tokony ho voapetraka eo amin'ny antontan-davenona, mba ahafahany hivoaka miaraka amin'ny fahatsapana iray hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy!"

86 Tsy tonga eto isika izao maraina izao mba hipetraka fotsiny sy hiresaka mikasika raharaha ara-tantara iray, izay marina daholo, fa tonga eto isika miaraka amin'ny filazana iray izao maraina izao hoe, "Fantatro fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, fantatro fa any ankoatry ny aloky ny fisalasalana iray izany! Fantatro fa nitsangana tamin'ny maty Izy, ary velona ato anatiko Izy androany. Ahy Izy ary izaho dia Azy. Izaho dia mpiara-mandova Aminy, ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra."

87 Paska! Ny Paska dia mitondra zavatra lehibe iray, fitsanganana iray, fanantenana iray vaovao. Manana an'izany ve

ianareo izao maraina izao? Ao am-ponareo ve izany? Fantatrareo ve fa velona ny Mpanavotra anareo, ary Izy no manao ny zavatra rehetra hiara-miasa?

88 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, mipetraka eto aho, miandry an'ilay laharam-bavaka."

89 Miasa amin'izany marina tokoa ho an'ny soa Andriamanitra. Nahoana ilay zazalahy sarobidy kely, indray andro, no tratry ny fahajambana rehefa teraka izy? Mba ahafahan'Andriamanitra mandray ny voninahitra sy nanao tanàna iray hikorontana. Azo antoka, fantatr'Andriamanitra izay Ataony. Mahafantatra Andriamanitra. Ary mametraka antsika eo amin'ny antontan-davenona Izy, mba haneho amintsika ny Voninahiny.

90 Noho izany, dia milaza an'izao aho izao maraina izao, ry sakaiza. Taorian'ny asam-panompoana iraika amby telopolo taona, taorian'ny asa mafin'ny saha iraika amby telopolo taona, dia tiako ny hanao ny filazako ho an'izany. Efa nahita an'ireo fahadisoam-panantenana aho. Efa nahita ny fotoana izay nangatahako zavatra aho, ary niantsoantso ho an'ireo zavatra, sy niangavy ho an'ireo zavatra, fa tsy nety nahazo azy ireny. Saingy raha hiandry am-paharetana an'Andriamanitra fotsiny aho, amin'izay fotoana izay dia fantatro fa miasa tsara marina tokoa izany, miseho tsara marina tokoa, manao marina tokoa an'ilay zavatra tsara.

91 Rehefa very ny zazakeliko, i Sharon keliko, izaho. . . izany no zavatra anankiray izay nahatafintohina ahy. Hoy aho hoe, "Ahoana no hampety an'izany ho an'ny soa? Ahoana no hampety an'izany ho an'ny soa?" Ary volana maro taty aoriana, rehefa nahita azy nitsangana tany aho tao amin'ny fahatsaran-tarehy manontolo an'ny zazavavy tanora iray, niresaka tamiko, nitsangana teo anilan'ilay vagao tranainy simba, tany. Fantatro, raha velona izy, dia mety ho nivadika ho ratsy izy. Tsy maintsy naka azy Andriamanitra raha mbola nalefaka sy mamy izy. Fantatro fa hahita azy indray aho. Fantatro fa hahita azy aho, fantatro fa any ankoatry ny aloky ny fisalasalana iray izany.

92 Mieritreritra ny vadiko roa amby roapolo taona aho, nalaina, tena zazavavy kely iray mihitsy, reny kely iray teo. Rehefa nanome lohateny iray ireo gazety teto hoe, "Reny tanora iray, reverà. . . , vao maty," oh, toy ny ahoana no nampandeha rà ny foko! Tsy fantatro izay hatao.

93 Fa androany dia fantatro fa ny rehetra dia miasa ho an'ny soa ho ahy. Fantatro fa tsy maintsy voatoto ny fiainana, sy aholana, ary potserina, mba hanaovana an'izay ao anatiny, hivoaka. Nisy Branham be loatra tao anatiny tao, izay tsy maintsy nopotserina alohan'ny ahafahan'Andriamanitra mampahafantatra ny Tenany.

94 Nisy betsaka anareo loatra tao anatinareo, hany ka tsy maintsy nanapotsitra an'izany hivoaka Andriamanitra,

tamin'ny alàlan'ireo fizahan-toetra. Ary raha mbola mandeha io fanapotserana io, dia mafy ilay izy. Fa afaka kelikely, dia miverina mazava ireo lanitra, amin'izay fotoana izay dia hitanareo ny tanjon'Andriamanitra. Amin'izay fotoana izay ianareo dia miantsoantso hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto an-tany Izy amin'ny andro farany! Na dia mandevona an'ity vatana ity aza ireo kankan'ny hoditra, dia mbola hahita an'Andriamanitra amin'ny nofoko aho!" Ireo fizahan-toetra kely sy ny sisa ireo dia ho an'ny fotoana fohy fotsiny, ary malazo izy ireo ka levona. Fa natao fotsiny ihany ho an'ny soa ho anareo izy ireo, aoka ho tsaroantsika izany, mba handraisan'Andriamanitra ny voninahitra.

95 Hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika. Te-hanontany aho, alohan'ny vavaka hoe, misy anankiray ve eto izay te-ho tsarovana ao amin'ny tonom-bavaka iray alohan'ny amaranantsika? Andriamanitra hitahy anao. Firy eto no hanao hoe, "Mila an'Andriamanitra aho, ao amin'ny oran'ny fizahan-toetrako ankehitriny, mba hanome ahy fahatsapana vaovao iray, mba ahafahako hivoaka vaovao indray"? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Izaho dia mila—mila an'izany aho mba ho fitsanganana iray ho ahy, Paska iray, mba hanangana ahy ao amin'ireo fanantenana vaovao sy hery vaovao, fahasalamana vaovao ary fifaliana vaovao." Ny Tompo hitahy anareo, ry vahoaka malalako.

96 Oh, Andriamanitray sy Mpanavotra anay, tena mankasitraka Anao izahay ny amin'ity Paska ity, ny amin'ny dikan'izany ho an'ny fonay. Ary amin'ny finoana, any ankoatra any, any ampitan'ny firenena, dia afaka mahita ny Fihavian'ny Tompo izahay, Jesosy, raha manao ny Tenany ho vonona Izy ankehitriny, manao ny Akanjony maha-mpanjaka. Ary, eo am-piakanjoana ilay Fiangonana, mampiakanjo ny Akanjo mariaziny mirebareba ilay Mpampakatra. Hisy ny fihaonana lehibe iray tsy ho ela.

97 Tsy afaka haharitra mandrakizay ity antontan-davenona ity. Rehefa mandre ny olona mihomehy izahay, maneso anay, ary miantso anay amin'ilay anarana mahamenatra hoe "holy-rollers," sy maneso anay, ary milaza fa izahay aza dia tsy tsara ara-tsaina akory, oh, tsy afaka haharitra hatramin'ny farany izany, Tompo. Fa aoka izahay ho tahaka an'i Joba, hihazona ny filazanay, aoka izahay ho tahaka an'i Daniela tao an-davaky ny liona, na ireo zanaka Hebreo tao amin'ilay lafaoro afo, na Abrahama tao amin'ny diany.

98 Ampio izahay, O Tompo, mba hijoro mahatoky mandra-pahitanay an'ilay zavatra lehibe hiseho hoe, "Rehefa hotsofina ny trompetra, ka hitsangana ny maty ao amin'i Kristy; izahay izay velona ka mitoetra dia hovaina, ao anatin'ny fotoana fohy, ao anatin'ny indray mipika, an'ny maso." Ary amin'izay fotoana izay dia ho tonga ho anay ilay Paska, izay nifalian'i Kristy teo

amin'ny sivinjato sy arivo taona lasa izay izao maraina izao, ka nanao hoe, "Satria velona Aho, dia velona koa ianareo."

99 "Iny Jesosy iray iny ihany, izay nesorina teo anivontsika, dia hiverina indray tahaka ny Nandehanany mihitsy." Hahita Azy izahay, na dia ny holatra rehetra eo amin'ny Tànany sy ny diantsilo rehetra teo amin'ny Lohany aza. Hahita Azy izahay.

Oh, ho fantatro Izy, ho fantatro Izy,
Ary hitsangana eo Anilany aho voaavotra.

100 Eny, Tompo, ny foko mahantra, raha manomboka miforitra eo ambanin'ny entana ity vatako malemy ity, ireo fiahiana sy asa mafin'ireo saham-pijinjana, ireo saham-pitoriana, sy ireo ambony sy ambany, ary ireo fihafahafana eo amin'ireo mpitoriteny miavonavona, sy ny sisa, manerana ny toerana, sy ireo olona mianjonanjona, ary ireo herin'ny ratsy. Fa, O Tompo, indray andro any dia ho tonga tahaka an'i Elia izahay, hidina eo amin'ilay renirano; nijery nankany, voafatotra nanerana ny kirihitra rehetra, ny kalesy afo iray izay hitondra anay. Aoka izahay hahafantatra fa ireto antontan-davenona ireto dia voaly fotsiny ihany hanafina anay amin'ilay zavatra lehibe izay mipetraka mihitsy eo alohanay, ilay voninahitra lehibe.

101 Enga anie izahay hitoetra mahatoky tahaka an'i Joba, mandra-pahatonga anay hahita Azy, mifanatrika. Enga anie izahay ho mahatoky tahaka ny Tomponay, ho ohatray, mba handeha hankany Kalvary; ihany koa, vonona ny ho homboana, ary ho homboana miaraka Aminy, mba ahafahan'ny fitsanganana iray hisy ao amin'ny fiainanay. Ekeo izany, Tompo.

102 Enga anie, raha misy mpianjonanjona eto, izay tahaka an'i Paoly fahiny, izay naneso, enga anie izy ireo hahita an'ilay Paska eny amin'ny làlany mody izao maraina izao. Ekeo izany, Tompo.

103 Mivavaka izahay, Tompo, mba ireo izay eo amin'ny antontan-davenon'ny faharavana, antontan-davenon'ny aretina, mba izao anie no ho ora izay hahafahan'izy ireo.

104 Omaly hariva, niresaka tamin'ilay vehivavy kely teo amin'ilay fiara tarihina aho, sy ny vadiny; ahoana fa tany Phoenix tany, tao amin'ny toeran-tsarotra iray, sy ireo homamiadana goavana nipetraka teo amin'izy ireo, ary izao androany izao dia salama tanteraka ary ara-dalàna. Ary ilay zaza kely izay saika hesorina ny fony, mipetraka ato amin'ny tranobe ato izao maraina izao, ara-dalàna, salama. Zazalahy kely jamba iray izay nandeha tao amin'ny aizina fahiny ka tsy nahita ny hazavan'ny andro mihitsy, dia mandeha androany ka mahita ny hazavan'ilay andro. Ary, O, Andriamanitra, toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'izany! Ary ny rehetra no mijery any ankoatry ny voaly, mankany amin'ilay andron'ny fitsanganana lehibe. Ekeo izany, Ray. Ary aoka izy ireo hahafantatra fa ireo zavatra ireo dia tsy maintsy ho tahaka an'izany, ka izy ireo: ilay zazalahy kely jamba afaka hahita,

mba afaka hanome fijoroana vavolombelona iray ho an'ny hafa ilay ankizy kely nanana aretim-po. Ireo zavatra rehetra ireo dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia Anao.

105 Ny rehetra dia azo atao ho anay satria nisy Anankiray nankatò tao anatin'ny fizahan-toetra, nisy Anankiray Izay nahatanty an'ilay fitsapana, Jesosy izany. Ilay Anankiray Izay tena nankatò ny Ray, hany ka nanangana Azy ilay Ray tamin'ny marainan'ny Paska, satria tsy azo natao ny hahatonga Azy ho voatazon'ny fahafatesana. "Fa tsy Avelako hahita ny lò Ny Iray Masiko, tsy hamela ny Fanahiny ao amin'ny helo koa Aho." Satria, hita fa nahatoky Izy, nanao foana an'izay nahafaly ny Ray.

106 Andriamanitra, enga anie izahay ho mahatoky mandrakariva eo amin'ilay toeran'andraikitra. Tsy mampaninona na inona ireo fizahan-toetranay sy ireo olanay, na inona na inona, enga anie izahay ho afaka hilaza, isan'andro hoe, "Fantatro fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia an'Andriamanitra." Ekeo izany, Ray.

107 Mitso-drano an'ireto vahoaka ireto amin'ireo Fitahianao izahay izao maraina izao. Tonga vao maraina avy tany amin'ny toerany izy ireo, tonga eto amin'ny tabernakla izy ireo. Tonga izy ireo hahazo fiononana. Enga anie izy ireo hody any an-trano izao maraina izao, miaraka amin'ny Herin'ny Fanahy Masina mirehitra ao am-pony, mandeha eny an-dàlana tahaka an'ireo avy tany Emaosy, manao hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?" Ekeo izany, Ray. Apetrako Aminao izy ireo ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Amena.

Eny àry, Rahalahy Neville. Ary tsarovy ankehitriny ireo fotoana.

108 Tsy hanana karatra fangataham-bavaka isika izao maraina izao, satria dia, raha manana karatra fangataham-bavaka isika, raha mbola mitondra an'ireo olona ireo mitsangana eto tahaka an'izao foana aho, dia mbola hiankina amin'izany fanomezam-pahasoavana izany foana aho. Tsy maintsy hanana toerana iray aho mandra-panaisotro an'izany, izay ahafahako mivoaka eto sy ahafahako. . . Matahotra aho. Toy ny hoe matahotra aho, ary matahotra aho ny hanao fahadisoana iray. Ny mahavery atrik'ady iray, dia tsy mahavery ny ady. Nahavery atrik'ady maro i Patton, fa tsy nahavery ady iray mihitsy. Marina izany. Ary isika dia hahavery atrik'ady betsaka, ihany koa, fa tsy hahavery an'ilay ady isika. Hanao fahadisoana maro aho, fa tsy hahavery an'ilay Antony. Andriamanitra no nanome an'izany, ary Andriamanitra no hikarakara azy. Izany no—izany no hosotra. Ary tonga ny fotoana ankehitriny, mino aho fa tonga ny ora, ary manomboka aho, satria Paska ity andro ity, dia handroso aho—handroso tahaka ny nataoko teo

hivavaka ho an'ny marary. Ary raha vitako . . . Izany no hosotra. Izany dia zavatra iray izay tsy tokony hitranga ato anatiko. Tsy dia zatra loatra an'izany aho. Tonga amin'ny fomba iray tahaka an'izany ilay izy, tsy mahay manara-maso an'ilay izy tsara fotsiny angamba aho, fa tsy maintsy manohy mandroso eo amin'izany aho mandra-pahafantatro azy amin'ny fotoana rehetra. Noho izany dia izao no ho andro izay hanandramako, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra.

109 Ny Tompo hitahy anareo ankehitriny. Rahalahy Neville. Ary ireo fotoana dia hanomboka amin'ny sivy sy sasany. Rahalahy Neville.

Fantatro MAG60-0417s
(I Know)
Andian'ny Hafatry Ny Paska

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina'ny Paska tamin'ny fiposahan'ny masoandro, 17 Aprily 1960, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org